

A Miomana ho amin'ny fiovana.

- ❖ Afaka miomana tsara mba ho vonona hiatrika fiovana ve isika?
- ❖ Eny, afaka miomana isika—na dia mety ho lavo aza isika eo anoloan'ny fiovana manokana, satria tsy tanteraka isika.
- ❖ Ny fanalahidy dia ny fikolokoloana fifandraisana isan'andro amin'Andriamanitra. Amin'izany dia ampinoana sy am-pahatokiana no iatrehantsika fiovana. Ho vonona ny hankato an'Andriamanitra isika na manao ahoana na manao ahoana ny toe-javatra na ny fakam-panahy mety ho avy.

B Miomana ho amin'ny fanambadiana.

- ❖ Mitondra ny lehilahy sy ny vehivavy ao anatin'ny firaisana tokana ny fanambadiana. Lehibe mihoatra ny fifandraisantsika amin'ny ray aman-dreny na olona hafa io fifandraisana io, kanefa tsy midika fa foana hatreo izany.
- ❖ Diniho ireto andininy manaraka ireto ary valio ireo fanontaniana momba izay ho vadinao. Mety ho afaka amin'io sivana io koa ve ianao amin'ny maha-vadin'olona amin'ny ho avy anao?
 - Ohabolana 24:30-34. Mazoto miasa ve izy?
 - Ohabolana 22:24-25. Mora tezitra ve izy?
 - 2 Korintiana 6:14-15. Mitovy foto-pinoana ve ianareo?
 - Ohabolana 11:14. Ahoana ny fihevitra ny fianankaviako sy ny namako momba azy?
 - Ohabolana 3:5-6. Entin'ny fihetseham-poko ve aho?

D Miomana ho ray aman-dreny.

- ❖ Ny fahaterahan'ny zaza dia fiovana goavana ho an'ny ray aman-dreny. Fifaliana, andraikitra, firoahana...
- ❖ Araka ny Baiboly, ahoana no tokony ho fiomanantsika ho ray sy renny?
 - 1 Samoela 1:27. Mivavaka mandrakariva ho azy, eny fa na dia tsy mbola mitsaika aza ny zaza.
 - Mpitsara 13:7. Mitandrina ny sakafo sy ny fahasalamana mandritra ny fitondrana vohoka, ary na dia aorian'ny fiterahana aza.
 - Lioka 1:6. Manalavitra ny ota.
 - Lioka 1:41. Mangataka ny fitarihan'ny Fanahy Masina.
 - Lioka 1:46-47. Misaotra an'Andriamanitra noho io fanomezana aina vaovao io.
 - Lioka 1:76. Ny fitaizana ny zaza amin'ny fomba izay ahatonga azy ho tena zanakalahy na zanakavavin'Andriamanitra no tena tanjonao.

E Miomana ho amin'ny fahanterana.

- ❖ Ny fiomanana ho amin'ny fahanterana dia manomboka amin'ny fahatanorana.
- ❖ Ireo fahazarana izay azo tamin'ny fahatanorana sy fahalebiazana dia misy akony amin'ny fomba hiainantsika amin'ny fahanterana.
- ❖ Araka ny Salamo 71, ahoana no hiomanantsika ho amin'ny fahanterana?
 - Mahafantatra manokana sy lalina an'Andriamanitra (and. 1-7).
 - Maka fahazarana tsara: fatokiana an'Andriamanitra (and. 3), fiderana (and. 6), fanantenana (and. 14).
 - Fitiavana ny iraka (and. 15-18).

F Miomana ho amin'ny fahafatesana.

- ❖ Ho an'ny olombelona rehetra dia tsy azo ialana ny fahafatesana, mandrapahatongan'ny Fiavian'i Kristy Fanindroany (Genesisy 3:19).
- ❖ Tsy misy ho vonona amin'ny fahafatesana tampoka (na ho an'ny tenany na ho an'ny malalany). Sarotra ny manaiky ny fahafatesana, na dia efa miandray azy aza isika.
- ❖ Kanefa, azotsika atao ny miandry azy tsy amin-tahotra raha toa ka voarakotra mandrakariva amin'ny fahamarinan'i Krisity isika (Romana 4:7).
- ❖ Rehefa ho faty Davida, dia nataony azo antoka ny hamela ny lova tsara indrindra: fananarana ny zanany lahy hankato ny lalan'Andriamanitra (1 Mpanjaka 2:1-3).
- ❖ Tsarovy fa efa resin'i Jesosy ny fahafatesana (1 Korintiana 15:54-55).